Nanenjika an'i Dada
Maro ireo manohana azy manerana ny Nosy ankehitriny 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 13 desambra 2018 Laharana 850 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Hosoka amin'ny fifidianana 3
Atsangano ny andrimasom-pokonolona hoy Depiote Lafa

Tsingerin-taona nahaterahan'i Dada omaly 2

## Nomarihany tany Morondava Manakara, Farafangana, Vohipeno

Neny Lalao Ravalomanana 2

## Tsy omena fitondrana ny olona namotika firenena






BORIBORITANY FAHA-2 (CUA) 6
Misy tany ahiana hihotsaka eny Ankatso



Antsirabe renivohitra 2
Efa ho 9 volana tsy nandray karama ny mpiasa

Andramasina 5
Mbola hihoatra ny 72% no homeny an'i Dada N°25

Boriboritany faha-6 (CUA) 7
Zokiolona 200 mahery nahazo vatsy ara-panahy sy ara-nofo

**Daka kely**

Efa miha-mipoitra daholo ny marina amin'ny laingan'ialahy ry Boaikely a !

Tranombarotra Baolai 7
Maro ireo entana vao tonga amin'izao ankatoky ny fety izao



Neny Lalao Ravalomanana

## Tsy omena fitondrana ny olona namotika firenena

Ho fampandresena an'i Dada N°25 amin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa, hatao eto Madagasikara ny alarobia 19 desambra ho avy izao dia nihaona mivantana tamin'ireo vahoaka ao amin'ny boriboritany faha-2 sy faha-3, teny Antanimenakely Ankorandrano, sy Ambohitrakely, Neny Lalao Ravalomanana sy ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ireo boriborintany roa ireo: Randrianarisoa Stanislas sy Mamy Rajhonson ary ny talen' ny fampielezan-kevitra Antananarivo Renivohitra ny kolonely Faustin Andriambahoaka omaly alarobia. Rehefa natambatra ny teny nambaran' ireo nifandimby nikabary dia tokana ny tanjona, ny fampandresena ny kandida N°25 Marc Ravalomanana. Tsy omena fitondràna ny olona namotika ny firenena sy nandrava , fa aleo ho entin'ny lehilahy matotra afaka mampitambatra ny Malagasy Namafisiny Neny Lalao Ravalomanana nandritra ny kabary nataony ny fisaorana ireo rehetra nifidy ny kandida Marc RAVALOMANANA nandritra ny fihodinana voalohany teo. Mandeha amin'ny fiodinana faharoa isika izao hoy izy, koa manentana antsika hatrany hisafidy ny laharana faha-25. Ny ratsy anefa tsy kely lalana , koa aoka ho mailo lalandava isika rehetra hoy hatrany izy amin'ny fanisana vato ary aoka samy hitrotro am-bavaka ny kandidà Ravolamanana Marc, ny vavaka sy ny finoana hoy hatrany izy dia manova zavatra.

***Helisoa***

Tsingerin-taona nahaterahan'i Dada omaly

## Nomarihany tany Morondava, Manakara, Farafangana, Vohipeno

Feno 69 taona oma-ly 12 desambra ny kandidà laharana faha-25 Marc Ravalomanana. Ny 12 desambra 1949 tokoa izy no teraka tany Imerinkasinina Antananarivo Avaradrano. Tany amin' ny faritra no nosafidian'i Dada nanamarihana izay tsingerin-taona nahaterahany izay omaly: tany Morondava izy, tany Manakara, Farafangana, Vohipeno,… Ny afak' omaly dia efa nisy mialoha ihany koa izay fanamarihany ny tsingerin -taonany izay, niaraka tamin'ireo Pretra tao amin' ny Diosezin' Ambositra, sy ireo vahoaka tany antoerana. Arak'izany dia hampitovian'I Dada lenta avokoa ny faritra rehetra eto Madagasikara, fa tsy nomena tombony manokana Antananarivo nanamarihany izay fetiny izay fa aleony tena niara-nihosina tamin'ny vahoaka tany amin'ny faritra. Ara-ka ny vaovao azo avy amin'ny kandidà N°25, sy avy amin'ireo haino aman-jery samihafa, na-nao ranolava ny fiarahabana ny kandidà Marc Ravalomanana izay omaly, avy amin'ny lafy valon'i Madagasikara, avy amin'ny sokajin'olo-na maro samihafa, tsy vitsy ireo haino aman-jery teto amin'ny Nosy no nanokatra ny onjampeony, na ny fahitalaviny mihitsy nahafahan'ny rehetra niarahaba an'i Dada. Samy nirary azy ho salama, tsy ho farofy hatrany ary hahatratra ny tanjona dia ny fandresena amin'ny fifidianana fihodinana faha-2 ireo rehetra nirary so any ka-ndidà Marc Ravalomanana. Ao anatin'ny faha- matorany tanteraka ny tenany amin'izao taonany izao, fa tsy toy ny mpifaninana aminy, izay mbola azo lazaina ho tsy matotra, misy aza ireo milaza an'i Andry Rajoelina mihitsy, fa mbola tsy mikatona loha-malemy. Fa nandritra ny fitsidihany tany Menabe, sy Vatovavy Fitovinany ary Atsimo Atsinanana oma-ly, nankasitraka ireo rehetra efa nifidy azy ta- min'ny fihodinana voalohany i Dada ary mbola niantso ny hafa handrotsaka ny vato N°25 ny alarobia 19 desambra ho avy izao.

***Isambilo***

Faharatsian'ny fitondrana tetezamita

## Ny tantara tsy fanadiono hoy i Liva KMFB

Marihin'i Liva KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka) ety am-piandohana, fa tsy ny fifidianana akory no ratsy fa ny vanim-potoana sy ny toe-java-nisy niainana teto amin'ny firenena, ary ny fomba entina mamolavola sy mikarakara izany no misy lesoka lehibe, ka tsy tokony hanaovana izany aloha. Ny vahoaka malagasy tompon'ny fireneny sy hisafidy izay olona tiany no tokony hikarakara manontolo izany fifidianana izany, fa tsy ny vahiny sy ny bolokiny hoy izy. Ny taona 2013 Andriamatoa Liva sy ny fikambanana KMFB tarihany no efa nanohitra sy naneho hevitra ny amin'ny tsy mbola tokony ho nanaovana fifidianana teto amin'ny firenena Malagasy. Nanehoan'ny KMFB hevitra tamin'izany ny tokony hanaovana aloha ny dinika eo amin' ny samy tera-tany malagasy madio, tsy tsabahana na hidiran'ny vahiny, izay nandraisan'ny FFKM andraikitra ny taona 2013 sy 2015 teny amin'ny CCI Ivato. Nandray anjara ary tena nanohana tanteraka iny fampihavanana FFKM iny ny KMFB, ary mbo-la miantso ny FFKM hanohy izany hatrany ho vahaolana amin'izao loza manjo ny firenena izao. Tena zavadehibe tokoa ny hevitra nivoaka avy tao, raha tsy hilaza fotsiny afa-tsy ny hoe : famolavolana lalampanorenana vaovao ifotony, miainga sy miaro ny tombontsoan'ny vahoaka malaga- sy sy ny fireneny. Tsy hisy intsony ireo fiaraha-miasa amin' ny vahiny miendrika fivarotan-tanindrazana. Ho voaaro ny harem-pirenena. Mianoka mivantana ny hareny ny malagasy, satria hiavaka tsara ny sata mifehy ny teratany malagasy sy ny vahiny, sns… Tsy nety nanatanteraka izany ane-fa ny fitondrana tetezamita nanongam-panjakana izay rangory fototr'izao fahoriana sy fahantrana lalina mahazo ny vahoaka malagasy izao. Hatramin'izay naha Madagasikara an'i Madagasikara, dia tsy mbola nisy fiainana ratsy tahaka ny fitondrana Tetezamita. Ny tsy fandriam-pahalemana ( na an-tsaha na an-tanàna. Na an-drenivo- hitra, na ambanivohitra), vono-olona isan'andro, isan'ora, fanafihana, fakàna olona an-keriny,… sns tsy voatanisa. Nanara-penitra tokoa moa izany. Nirongatra ny fivarotana Tanindrazana tamin'ireo vahiny. Nitombo isa ireo tsy an' asa. Nitombo isa noho izany ireo zaza tsy tafiditra an-tsekoly, satria nitombo ny fahantrana. Manontany tena noho izany Andriamatoa Liva hoe : Ny malagasy ve no mora manadino ny lasa tsy ela sa ny malagasy mihitsy no tia sy mitady ny ratsy ? Tsapa mantsy fa mitady hahazo vahana sy faka eto amin'ny firene-na malagasy indray iza-ny fakaratsy izany an- kehitriny. Mila olona tena tia tanindrazana isika (Nationaliste ) hijoro, hanohy ny tolona ho fanavotam-pirenena. Tsy mai- ntsy hahilika sy ravàna ireo olona sy rafitra rehetra napetraky ny vahiny eto izay napetrany hampiady ny samy malagasy sy hiaro ny tombontso-any fotsiny ihany, toy ny CENI ; HCC, Governemanta NTSAY Christian, sy ny maro hafa, mba hahatongavantsika amin'izany tolona fanavotam-pirenena izany ma- rina tokoa.

***Nangonin'Isambilo***

Antsirabe renivohitra

## Efa ho 9 volana tsy nandray karama ny mpiasa

Manomboka mampihomehy ny fitantanan-draharaha ao amin'ny fia- didiana ny tanànan'Antsirabe amin'izao fotoana. Variana amin'ny fam- pandaniana ny kandidà laharana faha-13 mantsy ny Ben'ny tanàna sy ny ekipany, ka tsy misy ny fiahiana ny mpiasa intsony. Vokany dia velon-taraina tanteraka amin' ny ataon'ny mpitantana ny tanànan'Antsirabe ny mpiasan'ny kaominina ambonivohitra. Hatramin' izao mantsy dia mananika ny faha 9 volana ankehitriny ny karama tsy voarain'ny mpiasa satria dia antsasa-karama no noraisina tapa-bolana lasa izay. Hatreto dia tsy hita veroka aloha ny handoavan'ny mpitanta-na ny kaominina io volan'ny mpiasa io satria dia mbola revo amin'ny fampandaniana ny kandidà laharana faha-13 ny Ben'ny tanàna. Iaraha-mahalala tokoa fa sondriana amin'ny fampandaniana ny kandidà laharana faha 13 ny ben' ny tanànan'Antsirabe ka tsy laharam-pahamehana ho azy ny mpiasan'ny kaominina. Raha tsiahivina dia karama 4 volana no tsy voaloan'ny mpitantana teo aloha, izay Delegasiona manokana, saingy izy tafakatra efa ho 9 volana ankehitriny izao. Raha ny fantatra dia azo lazaina fa miditra ihany ny vola ao amin' ny kaominina ambonivohitra Antsirabe saingy tari-drano ankilahila ka ny mania no betsaka. Ny fitantanana rahateo efa gaboraraka hatramin' izay, hoan'ny fitantanana ny tanànan'Antsirabe ha- tramin'izay.

***Lezama***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Lany bala ny tarik'i Andry Rajoelina , ka fafy lainga sy ny fampiadiana ny samy Malagasy sisa ataony

Endrika fitondrana Tetezamita faharoa indray no tadiavin'i Andry Rajoelina sy ny ekipany haverina eto Madagasikara raha ny fahitana ireo olona manodidina sy milaza ho mpanohana azy. Tsy misy olom-baovao firy izy ireo fa olona efa niara-nihinana taminy nandritra ny fotoanan'ny Tetezamita ary Andriamatoa Norbert Lala Ratsirahonana no tena atidoha ao anatin'izany. Izay lalovan-drangahy io dia may volotratra avokoa . I Norbert Lala Ratsirahonana no anisan'ny nanampy nampiala ny filoha Didier Ratsiraka . Nandray anjara mavitrika ny tenany nanala ny amiraly ny taona 1991. Mbola tao ihany koa izy nandritra ny fanonganam-panjakana 2009 teo iny. Korotan-dava izay hidiran-drangahy io teto amin'ny tantaran'ny firenena. Ireo olona kely fisainana toa an'i Andry Rajoelina sy ny ekipany no mora voajonony ary fantany tsara fa ireo no afaka hanatanteraka ny fanakorontanana kasainy hatao. Ny tena zava-doza amin'izao fotoana izao dia tsy nilaza nivantana fa hanaiky ny voka-pifidianana havoakan'ny CENI sy ny HCC Rajoelina fa niolakola fotsiny teo. Ny filoha Marc Ravalomanana anefa tsy nihambahamba na dia iray segondra aza nanambara fa manaja sy manaiky izay havoakan'izy ireo. Ny tian-kambara sy isarihana ny saintsika mpamaky dia ny hoe, hamboly korontana indray Rajoelina rehefa tsy lany eo. Ho potika indray ny firenena. Ho betsaka indray ny very asa sy very trano fonenana ary dia hitombo isa ny 4 mi. Tafiditra ao anaty krizy mahery vaika indray i Madagasikara. Efa manangatra mampiady ny samy Malagasy mantsy izao Rajoelina sy ny forongony ka sahiny ankitsirano izao ny milaza fa manavakavaka ny filoha Ravalomanana izay marihana fa lainga foronina hampifanandrianina ny samy Malagasy. Izany dia azo enjehin'ny lalàna satria mitarika fampisaraham-bazana amin'ny samy Malagasy; ny fitsaram-bahoaka aza efa manahirana ka mbola taritina ho any amin'ny fankahalana eo amin'ny samy Malagasy iray tanindrazana indray . Aiza ho aiza amin'izany ny tompon'andraikitra tahaka ny CENI eo anatrehan' izany? Ankoatra an'i Andry Rajoelina dia ny Jeneraly Camille Vital aloha no mivoy mivantana manely izany fampisaraham-bazana izany ao anatin'ny fampielezan-keviny. Noporofoin'ny filoha Marc Ravalomanana sy Ramatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nandritra ny fititezam-pokontany teny ambany tanàna sy tany amin'ny faritany anefa fa mbola mamim-bahoaka sy tia azy tanteraka ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka na avy aiza misy azy na inona firehana arahana, na inona finoany . Rain'ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo Dada Ravalomanana fa tsy araka ny feo aely etsy sy eroa. Lany bala ny tarik'i Andry Rajoelina , ka ny fafy lainga sy ny fampiadiana ny samy Malagasy sisa no entiny miady. Vakina fotsiny tahaka ny karatr'i Naivo ny tsy fahaizan-dRajoelina farany teo tao amin'ny TVM, niandry izay toro-marika avy any amin'ny mpanolo-tsainy vilam-bava ka hany ka fanenjehana an-dRavalomanana rano fotsiny no nivoaka tao, fa tsy misy azo raisina ilay nofinofy angidina amin'ny vina tanterahany. Hoavy indray ny andiany faharoa, fihaonan'izy mianaka ao amin'ny TVM sy RNM mivantana ny Alahady izao, ka inoana fa tsy hisy hambara ingahirainy kely, tsy hisy fiovana mihitsy ny ho valiteniny hivoaka eo fa dia tsy maintsy fanaratsiana rano fotsiny. Zezika mampitombo ny fitiavan'ny vahoaka an'i Dada anefa izany.

***Rajaonarimpanontsana***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitsinjaram-pahefana : tsy politika vao noforonin'ny kandidà Ravalomanana fa fanohizana ny tamin'ny lasa

Anisan'ny voarakitra ao anatin'ny Fanomezantoky amin'ny vahoaka (Manifesto) omen'ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, ny fitsinjaram-pahefana. Tsara ny manome famaritana ny atao hoe "Manifesto" satria maro no tsy mahalala ny tian-kambara amin'izany ka "fanambarana ataon'ny manampahefana na lehiben'antoko izay mitatitra ny niainany tamin'ny lasa ary mandroso ny tanjona tiany ho tratrarina amin'ny ho avy" no azo andikana azy tsotsotra. Taorian'ny hetsika ny volana Mey 1972 nifaranan'ny Repoblika I dia azo lazaina fa niverina tamin'ny rafitra "Fokonolona" teto Madagasikara ary nitsangana ny "vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana" (Collectivité Territoriale Décentralisée) ka ny Minisitry ny Atitany, ny Kolonely Ratsimandrava Richard, nandritra ny fitondran'ny Jeneraly Ramanantsoa Gabriel (1972-1975) no tena nametraka ity rafitra ifotony niainan' ny vahoaka tamin'ny fahagolan-tany. Niaina tao anatin'ny firaisan-kina ka niara-nihentana sy nanao tongotra naira-namindra ary soroka naira-nilanja tokoa ny vahoaka ary nahatonga ilay fitenenana hoe: "taotrano tsy vitan'ny irery". Niaina tao anatin'ny fifankatiavana sy fihavanana ny "fokonolona" izay nahatonga ny fitenenana hoe: "aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana". Ny fanjanahan-tany no nandrava ny rafitra "fokonolona" izay niteraka ny fitiavan-tena sy ny fitiavam-bola ka nitsiry tao an-tsain'ny gasy sasantsasany nivarotra ny mpiray Tanindrazana tamin'ny mpanjanaka noho ny politika "zarazarao hanjakana". Nihova ho "Fokontany, Firaisam-pokontany sy Fivondronam-pokontany ary Faritany" ny anaran'ny ambaratongam-pahefana nandritra ny Repoblika II sy Repoblika III-1 sy Repoblika III-2. Nesorina kosa ny Faritany enina ary natsangana ny Faritra roa- ambiroapolo, nijanona ihany ny Fokontany ary napetraka ny Kaominina nisolo ny Firaisam-pokontany tamin'ny Repoblika III-3. Araka izany dia nanakaiky kokoa ny vahoaka ny Faritra izay niisa roambiroapolo (22) noho ny Faritany niisa enina (6).

Tsy politikam-pitantanana vaovao noforonin'ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, amin'izao fampielezan-kevitra izao ny fitsinjaram-pahefana tena izy (décentralisation effective) fa efa tamin'ny faran'ny taona 2005 no notapahan'ny Governemanta ny "Lettre du Programme National de Décentralisation et de Déconcentration" (LPN2D). Novatsian'ny PNUD sy ny UNICEF ny fanatanterahana ny programa PN2D ka minisitera fito no nanaovana tari-dàlana (ministers pilotes): Minisiteran' ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany, Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, Minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana, Ministeran'ny Tontolo Iainana, Ministeran'ny Angovo sy ny Harana an-kibon'ny Tany. Ministeran'ny Vola sy ny Tetibola, … Raha hampitahaina ny "PN2D" sy ny "Manifesto" izay ny iray voalohany voarakitra ao amin'ny MAP 1 ary ny faharoa ao amin'ny MAP 2 dia fitohizan'ny voalohany ihany ny faharoa satria haverina amin'ny hasiny sy homena ny fahefana tokony ho azy ny ambaratongan'ny fitsinjaram-pahefana (Fokontany-Kaominina-Faritra). Ny "D" faharoa amin'ny "2D" no tsy misongadina loatra satria araka ny niheverana azy dia miara-miasa ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana (Collectivité Territoriale Décentralisée) sy ny"Sampan-draharaha Teknika fanapariaham-pahefana (Service Technique Déconcentré). Na izany na tsy izany dia fanohizana ny asa amin'ny ho avy izay efa natobony tamin'ny lasa ny an'ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, fa ny mpifanandrina aminy amin'ny fihodinana faharoa amin'izao fifidianana izao no tsy ampy fahalalana loatra ka tsy mahatakatra ny tian-kambara sady tsy ampy fahaizana loatra eo amin'ny fandikàna teny ka manjary mandray vilana izay tena tian'ny hafa hambara. Efa azo andraisana lesona iny adihevitra voalohany iny satria rehefa tsy manan-kavaly amin'ny fanontaniana dia lasa miaro tena fotsiny ihany na manenjika be fahatany ny mpifanandrina fotsiny sisa no atao.

***Andry Tsiavalona***

Raniry any Mahajanga

# Maro ireo mpanenjika an'i Dada taloha manohana azy manerana ny Nosy ankehitriny

Milaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena indray Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga : raha bangoina hoy izy dia tsara amin'ny ankapobeny ny ezaka ataontsika tsirairay manerana ny Nosy amin'ny fampandaniana an'i Dada Marc RAVALOMANANA amin'ny fihodinana faharoa sady farany. Tsapa ho samy nanao ezaka daholo isi-ka na olon-sotra izany, na mpanao gazety, na mpanao pôlitika, na mpanakanto, na mpitondra fivavahana, na mpanentana, na mpitandro ny filaminana sns... amin'ny ambaratonga misy antsika tsirairay avy ; isam-paritra. Tena isaorana an' Andriamanitra Lehibe fa nihamaro ireo haino amanjery miara-miasa amintsika, indrindra ny gazety sy ny fahita lavitra. Isaorana manokana iha-ny koa ny mpitantana azy ireny sy ireo olona rehetra miaramisalahy amin'ny fampandehanana izany haino aman-jery izany. Taloha mantsy, tamin'ny fihodinana voalohany, dia zary toa nihaino lakolosy tokana ihany ny vahoaka ; ka ireo mpifanandrina tamintsika no nibahan-toerana. Tsy naheno afa-tsy fanaratsiana sy fanosoram-potaka an'i Dada Marc RAVALOMANANA ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy, indrindra ireo any ambanivo- hitra. Ankehitriny, efa manomboka mandre ny vaovao marina sy ny zava-misy tena izy ny olona fa tsy voafahan-dalitra firy intsony. Eny, mbola miezaka manaratsy sy manosopotaka ihany ny hai-no aman-jery maro izay miara-dia amin'ny mpifanandrina amintsika saingy efa misy ireo haino aman-jery hafa izay mivoy ny fanohanana an'i Dada Marc RAVALOMANANA dia zary tsy tompon-trano mihono intsony ny olona. Atỳ Mahajanga izao ohatra dia efa tena miasa mafy mihitsy ny RTN na "Radio Télé-Nakay", eo ihany koa ny DREAM'IN, ankoatran' ny MBS izay efa tena mandeha tsara amin' izao fotoana izao. Isan'ny tombony ananantsika tamin'ity fihodinana faharoa ity izany rehetra izany, eo koa moa ny fahamaroan'ireo mpanohana izay tena tsy mitsaha-mitombo andro aman'alina mihitsy. Ireo tratran'ny "fanatisme aveugle" sisa no voafatotra sy voageja ka tsy afa-miala any amin'ny ankilany fa ny ankamaroan'ny vahoaka dia efa hita taratra sahady fa vonona hampandany an'i Dada Marc RAVALOMANANA amin'ny fihodinana faharoa. Ny tena nahagaga sy nahatalanjona tanteraka dia ny fahitana ireo olona nanka- hala sy nanenjika mafy an'i Dada taloha, lasa miara-dia amintsika ankehitriny. Tsy voatanisa izy ireo fa tena maro tokoa manerana ny Nosy.

***Nangonin'Isambilo***

Hosoka amin'ny fifidianana

# Atsangano ny andrimasom-pokonolona hoy Depiote Lafa

Nandritry ny fidinana ifotony amin'ireo fokontany samihafa any amin'ny distrikan'i Manjakandri-ana, no nanamafisan' ny solombavambahoaka voafidy tao Manjakandriana, Rakotonjatovo Anto Arilafa, ny fananganana ny andrimasom-pokonolona, hanara- maso ny voka-pifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato. Misy mitady hanao hosoka man-tsy amin'ny voka-pifidianana, ka izay indrindra no tsy maintsy hananganana ity andrimasom-pokonolona ity. Tokony ho mailo ihany koa ny mpifidy hoy izy satria misy ny mizara vola sy mbola manao fampielezan-kevitra amin'ny andron'ny fifidianana amin' io datin'ny 19 Desambra io. Ny fanaraha-maso ihany no vahaolana hoy ity solombavambahoaka ity satria ny ratsy tsy kely làlana. Ankoatr'izay, dia manentana ny mpifidy handeha handatsa-bato sy hifidy ny kandida Marc Ravalomanana ity solombavambahoaka ity satria io kandida io ihany no azo antoka fa hanarina ny fiainam-pirenena amin'izao krizy mahazo ny malagasy izao. Raha tsiahivina mantsy, dia 54% monja ny salam-pahavitrihan'ny mpifidy tao Manjakandriana tamin'ny fifidianana fihodinana voalohany, ka mila fenentanana sy fandraisan'andraikitra ho famerenana ny hasin'i Mada- gasika- ra ao anatin'ny zato andro monja.

***Rajo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ireo firariantsoa noho ny fetin' i Dada omaly 12 desambra



**Arp Helisoa :** natomboky ny filoha Marc Ravalomanana tamin' ny fiarahana nifaly tamin'ny Diosezin'Ambositra sy ry Mompera ny fankalazana ny tsingerintaona nahaterahany omaly 12desambra . Nisaotra manokana ny SE Mgr Fidelis Rakotonarivo sy ny pretra maro i Dada tamin'izany.

**Marie Bernadette Raharisoa :** Hbd Dada.

**Rasoazanatsiety Ratsimba :** Hbd dada, ho taompahasalamana, fahombiazana ity taona manaraka ity e, mampte hihinana bé le gâteau !

**Sahondra Hanitra Andrianasolo :** Hbd Dada, dia ho tonga amin'ny tanjona iriana, ho Filoha indray afaka andro maromaro.

**Marie Lydie Razanadrafara :** Joyeuse anniversaire Dada. Andriamanitra Jesoa izay iombonan'ny Finoana tsy ankanavaka homba anao, mahalasana e, ho ela velona !

**Tantely Hasina Andriamboavonjy :** Hbd Dada ! tongava amin'ny ambony indrindra indray.

**Bernard Rasolonjatovo :** ho lava velona ianao Dada, hifanantitra amin'ny vahoaka malagasy. Arabaina tratry ny fitsingerenan'ny andro nahaterahanao. Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana anie hitahy anao tsy harofy, ho arovany tsimbininy mandra-kariva ny dianao , ho filohan'ny Malagasy rehetra indray!

**Fafara Romy :** arahabaina Dada . mivavaka ho anao fa mbola lavitra ny lalantsika . minoa fotsiny ihany. finoana arahan'asa izany . Matoky Anao 'zahay Dadavalo a!

**Hariniaina Randrianantoandro :** HBD tompoko! Hotahiana amin'zavatra rehetra ianao ary homen'Atra tolotsaina Hendry mandrakariva amin'ny adidy masina miandry anao. mirary soa!!!

**Aina Hilarison :** HBD Mister Président ! We hope that you'll be the next President again. Ianao indray no ho Filoha tompoko.

TONONKALO

## INONA NO MARINA ?

Moa mandainga ry boaikely izay mpanao gazety izay
Raha nanambara fa ise dia tena tsy ampy fanabeazana ?
Tsy mahay manaja ny hafa , mihevi-tena ho mahay,
Kinanjo tena "rano tapany", mampisento ny mpitazana !

Moa mandainga ry boaikely izay profesora izay
Raha nanambara fa ise dia "toy zaza folo taona" ?
Tsy dia mahalala fomba , mora tezitra indraindray,
Ka dia miteniteny foana , manao resaka mivaona !

Moa mandainga ry boaikely i dadanay sy i mamanay
Raha nanambara fa ise dia tsy olo-mendrika hitondra ?
Zatra fihetsika mahery sy fiteny mahamay
Ka tena toy ny baingan-tany , fa tsy hivadika ho diamondra !

Moa mandainga ry boaikely ilay "mpiandry" namanay
Raha nanambara fa ise dia tsy olon`ny fahamarinana ?
Tia dia tia mandoka tena sady te "hiseho milay"
Kinanjo tena "andry boboka" ka tsy mendrika iankinana !

Moa mandainga ry boaikely izay tantsaha iray izay
Raha nanambara fa ise dia tsy ho gasy na oviana ?
Fa ny tena olon-kendry , gasy reny, gasy ray
Dia tsy hanao fiteny adala , sarin`ompa fihantsiana !

***DADAN`i ZINA (12-12-18)***



# MARC RAVALOMANANA

# MANIFESTO

## Ny fanomezan-tokin'ny Filoha Ravalomanana

## « AMBOARINA INDRAY NY LÀLANTSIKA »

### *Manome toky aho:*

Hamerina ny *fandriampahalemana* amin'ny lafiny rehetra (fiarovana ny olona sy ny fananany, ny fananan-tany, ny fitsarana, ady amin'ny tsy fahampian-tsakafo). Hanavao ny fampitaovana ny mpitandro filaminana (miaramila, polisy, zandary). Hiaro ny fandrianam-pirenena.

Hamerina ny vafitra fitsaboana amin'ny ambaratonga rehetra iantohana ny fahasalaman'ny vahoaka: fitsaboana manaraka ny teknolojia vaovao, fanamboarana sy fampitaovana ny toera-pitsaboana toy ny tobim-pahasalamana fototra na ny Centres de Santé de Base (CSB) sy hopitaly.

Hamerina ny tetik'asa fampianarana ho an'ny rehetra: fitaovam-pianarana kits scolaires, fanofanana ny mpampianatra, fandrindrana ny fampianarana hifanaraka amin'ny filan'ny tsenan'ny asa, fanabeazana ho olom-pirenena vanona, fanatanjahan-tena, famerenana ny hasin'ny mpampianatra.

Hampitombo ny fidiram-bola sy ny fahefa-mividin'ny Malagasy: fametrahana tontolo manampy amin'ny famoronan'asa, fampitomboana haingana ny harinkarem-pirenena ho an'ny rehetra, fampandrosoana maharitra ny tanan-dehibe sy ny tontolo ambanivohitra, fampiroboroboana ny orin'asa madinika sy salantsalany, fanamorana ny fivarotana ny vokatra sy ny fahazahoana zezika sy masom-boly, fanamorana ny fahazoana famatsiam-bola, fanamorana ny antoka amin'ny fananan-tany, fampiasana hevitra sy teknolojia vaovao, fampihenana ny tsy fitoviana eo amin'ny fiaraha-monina.

Hanangana indray foto-drafitr'asa isaky ny faritra mba hampiroboroboana ny fampandrosoana mirindra sy maharitra ary hanamafisana ny firaisam-pirenena: lalana, fitanterana, angovo, fifandraisan-davitra, rano sy fidiovana, trano fonenana sy fotodrafitr'asa antanan-dehibe, toha-drano.

Hiantoka ny fitsinjarana sy fanampariaham-pahefana tena izy: fifidianana fa tsy fanendrena ny tompon'andraikitra isan'ambaratongany, fiantohana ny tombotsoa ara-toekarena ho an'ny mponina eo an-toerana, fitsinjarana ara-drariny ny fitantanana ara-bola sy ara-pitaovana, fahafahana manapa-kevitra eny ifotony.

Hamerina ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny mpitondra: fametrahana fanjakana tan-dalàna, ady amin'ny kolikoly, fanomezana fahalalahan-tena ny fitsarana, fiaraha-miasa amin'ny gazety sy ny haino aman-jery.

Hiaro sy hanatsara ny tontolo iainana: ady amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny harem-pirenena voajanahary, fiarovana ny harena voajanahary, fandraisana anjara amin'ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro, ady amin'ny fandotoana ny tontolo iainana.

Hanome lanja ny zava-kanto sy ambom-po Malagasy ao anatin'ny fampiasana ny fitaovana manaraka ny fandrosoana sy ny toetr'andro.

Hanatsara ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa amin'ny mpiray ombon'antoka iraisam-pirenena sy ny vondrom-pirenena manodidina.

## NY TENY FIAINANA

*Langilangy sy sabatra ary zana-tsipika maranitra ny olona izay mitsangana ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namany.*

***Ohabolana 25:18***

# ILAY VOHITRA TOKO TELON'ANDRAMASINA

Adidintsika ary tena vitanao ny manondrotra an'Andramasina,
Ahitana ilay vohitra toko telo mahamasa-nahandro fonenana halehibe, mba ho ren-daza ho ren-danitra ny hakanton'ny tanànantsika.
Hadinoy ilay Vohitriarivo mirehitra jiro, Vohitsara malaza fahagola,
F'efa sempotry ny loto ary maimbo ny aretina noho ny fahantrana.
Avelao Iarivo fa MANDROSOA RY MANJAKAVAHOAKA AN-DRA- TRIMOLOHARANO,
Aty amin' ilay VOHITRA toko telo mahamasa-nahandro. Fa midadasika ny tany afahana hitsinjaka sy hitoto-rebika.
Taomy ny Havana aman- tsakaiza sy ny hafa hizotra miatsinanana
Hiaina amin'ny rivotra madio ary higoka ny ranon'andoharano.
Tany mamokatra ka tsara foana ny voka-bary isan-taona,
Mitombo an'isa ny voly isan-karazany eny an-tsaha,
Ary voafehy ny valan' aretina amin'ny fiompi-ana
Aza misalasala ry tano-ra! Ndao fa tena vitantsika manarina ny any amintsika!
Hifarimbona na hatao tanam-polo toy ny valin-tanana sy ny findramana hiara-misalahy ka ny sobika andaniny ny fatram-bary ankilany
Hitady tetika hanavao ny lalana-tovontany miatsinanana aty ANDRAMASINA, hanangana heri- naratra hanazava ny tanàna sy ny trano fonenana
Fa tena zandrin-draharaha ny rehetra ilay any amintsika.

(03/11/2015)
**Arinja RABODO**





### Distrikan'Andramasina

## Mbola hihoatra ny 72% no homeny an'i Dada N°25

Isan'ny distrika nahazoan'ny kandida filoha Marc Ravalomanana vato ambony ny tany amin'ny distrikan' Andramasina faritra Anlamanga iny, satria efa tany amin'ny 72 % mahery tany no azon'i Dada tany an-toerana. Mihetsika avokoa ny K25 sy ireo zanaka ampielezana any amin' iny distrika iny mba hanatsaràna ny vokatra , indrindra amin'izao fifidianana fihodinanana faha 2 izao. Tamin'ity fihodinana faha 2 ity dia namafisin'ireo mpomba an'i Dada any an-toerana ny tetik'ady entina hampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana dia ny fanaovana porte à porte amin'ireo kaominina 14 mandrafitra ny distrikan'Andramasina hoy ny fanazavan'ireo solontenan'ny zanaka ampielezana any an-toerana dia Ramatoa Noro, izay manao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fampandaniana ny kandida N°25. Maro ny zavabitan'ny fitondràna Ravalomanana taty aminay , nefa potika tsy nitohy intsony rehefa nesorina ankeriny ny filohampirenena voafidimbahoaka Marc Ravalomanana . Mino izahay hoy ireo zanaka am-pielezana any Andramasina fa hitohy amin'izay ny tetik'asa nataon'i Dada aty aminay dia ny fanampiana ny tantsaha , fanamboarana ny lalana. Tokana ny tanjona , hiverina eo amin'ny fitondràna ny filoha Marc Ravalomanana ary matoky izahay hoy izy ireo fa handresy izy amin'ny fididianana ny 19 DESAMBRA ho avy izao .

***Helisoa***











### ITASY SY NY MANODIDINA

## Miandry an'i Dada hamerina ny filaminana

Taorian'ny taona 2009 dia lasibatra hatrany ny tany amin'iny faritr'Itasy iny satria nanjaka ny tsy fandriampahalemana toy ny asan-dahalo, ny kolikoly, ny olana amin'ny resaka fananantany, sns … ary ny tantsaha mpamboly sy mpiompy no tena lasibatra tamin'izany. Raha ny fanazavan'ny ben'ny tanàna teo aloha tany amin'iny faritr'Itasy iny , dia gaboraraka loatra ny fitondrana taorian'ny fitondran'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana, ka samy nanao izay danin'ny kibony ny rehetra tamin'ny tetezamitan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina. Tsy voahaja ny zo aman-kasin'ny malagasy ary ny vahiny no manjaka amin'ny sehatry ny fananantany ka sahirana ny malagasy satria saika mandresy hatrany ny vahiny rehefa miakatra fitsarana. Santionany ireo raha ny nambaran' ity ben'ny tanàna teo aloha ity ka mila fanarenana haingana amin'izay fitondrana vaovao hijoro eo satria ao anatin'ny fampielezan-kevitra ny mpomba ny kandida mpifanandrina ankehitriny. Ho an'ity ben'ny tanàna teo aloha ity, dia ny famerenana amin'ny laoniny ny fandriampahalemana, ny fanafoanana ny kolikoly, ny fijerena sy fanohanana ny tantsaha, ny ray aman-drenin'ny mpianatra amin'ny kit's scolaires, ny fanohanana ny tanora amin'ny sehatry ny asa, sns… no tokony hobanjin'ny filoha vaovao lany eo hoy hatrany ny fanazavan'ny ben'ny tanàna teo aloha tany amin'iny faritr'Itasy iny, Andriamatoa Ratafitasoa Nirina, ka ny tanjona dia ny hampandresy ny kandida Marc Ravalomanana laharana faha-25 amin'ny 19 Desambra 2018 ho avy izao.

***Rajo***

### Lalana eny Anosibe

## Tsy norahirahiana ny fikarakarana azy taorian'ny 2009

Fotodrafitr'asa iray lehibe vita tamin'ny andron-dRavalomanana Marc ny nahavitana ny lalna eny Anosibe. Tsy nisy izay tsy nahalala, izay olona efa mahatsiaro saina tamin'izany, fa tena fijaliana tanteraka ny nanjo ny mponina teny an-toerana sy ny mpampiasa ny lalana teny an-toerana talohan'ny naha teo amin'ny fitondrana azy. Toy ny tsy renivohitra Antananarivo tamin'izany fotoana izany fa kaomina ambanivohitra. Rehefa teo amin'ny fitondrana anefa ny tenany, izay ho azy ny lalana no tena ain'ny toekarem-pirenena sy mampandroso ny firenena, dia tsy nikely soroka izy namita io lalana mirefy 3km mahery io sady ho fanatsarana ny tanàna. Endrey ny hatsarany tamin'ny nahavitana izany, fa toy ny lalana any amin'ireo firenena efa mandroso ankehitriny. Vita tsara nanaraka ny fenitra tokony ho izy satria voatsinjo hatramin' ireo mpampiasa bisikileta. Tsy nisy lalana tsara toa io teto Madagasikara tamin'izany fotoana izany. Fatratra ny fahazavan'ny jiro amin'ny alina, mbamin'ireo voninkazo nanaingo azy. Mahasarika ny maso rehefa mandalo eny ny tetezana manapaka ny lalana eo amin'ny manoloana ny tsena ho fitsinjovana ireo vahoaka miampita ny arabe. Indrisy anefa, fa vao niova ny fitondrana noho ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009, ary niditra tamin'ny tetezamitan-dRajoelina, dia izay ihany koa no nanombohan'ny fahapotehany. Tsy nisy nivaky loha ireo mpitondra nahazo fahefana taminkery teto. Tsy nisaina na kely aza ireo nihazompahefana rehetra ny amin'ny fikolokoloana azy, fa variana tamin'ny fangoronan-karena ho an'ny tenany manokana fotsiny. Tsy voahaja intsony ny fahadiovana ary anisan'ny faritra tena maloto eny amin'ny lalan'Anosibe. Maloto ny lakandrano rehetra indrindra ireo faritra tsy lavitra ny tsena hatreny amin'ny anoloan'ny hopitaly HJRA. Eo rahateo ireo mahantra marobe mitoetra eny, manginy fotsiny ny tsy fitandroan' ny mpivarotra amorondalana ny fahadiovana. Raha mbola teo amin'ny fitondrana angamba i Dada tsy ho tonga amin' ny toy izao iny lalana sy ny faritr'Anosibe manontolo iny. Ary izay fahasimbana sy fahapotehana lalina ny fotodrafitr' asa teto amin'ny tanàna izay sarotra ny manarina azy. Ny fiverenan'i Dada laharana 25 eo amin'ny fitondrana ihany no vahaolana.

***Radafy***

BORIBORITANY FAHA-2 (CUA)

## Misy tany ahiana hihotsaka eny Ankatso

Miatrika ny fahatongavan'ny fahavaratra ny Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nesorina avokoa ireo tany mitady hihotsaka teny Ankatso ny andron'ny talata mba ho fisorohana ny mety ho fihotsahana ka hampidi-doza. Taorian'ny fitsirihana izay nataon'ny ekipa Teknika sy ny fitarainan'ny mponina manodidina no nahafahan' izy ireo nanatanteraka izao asa izao. Amin'izao fotoam-pahavaratra izao dia ahiana ny mety hisian'ny tany mihotsaka eny amin'ny faritra sasany eto an-dRenivohitra, ka izay indrindra no



Tany ahiana hihotsaka teny Ankatso.

maha-malina hatrany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mba ho fiarovana ny ain'ny vahoaka. Amin'izao fotoam-pahavaratra izao koa dia nodiovina ny lakan-drano maro teny anivon'ny Boriboritany faha-2 toy ny teny Ambanidia sy Ambolokandrina, mba hahafahan' ny rano mikoriana tsara araka ny tokony ho izy, ho fisorohana ny fiakaran'ny rano eny amin'ny faritra iva. Ny Fiadidiana ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra dia manentana hatrany ny mponina mba samy handray ny andraikitra tandrify azy ho entina hampandroso an'Antananarivo. Ny fanadiovana ny Tanàna dia efa asa andavanandron'ny Kaominina ary ny mpitantana ny Tanàna dia manao ireo ezaka rehetra hitazonana ny fahadiovana, mba tsy ho very maina ireo ezaka izay efa vita.

***Aly***

Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nanadio ny teny Befelatanana, Mahamasina ka hatreny Anosibe

Ny talata teo, nanatanteraka fanadiovana hatrany ny avy ao amin'ny Boriboritany faha efatra, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tamin'ity indray mitoraka ity dia nifanampy ireo mpamafa lalana sy ireo égoutier izay miisa sivy (9), ho fanatanterahana ny asa. Nodiovina ny arabe maloto noho ny fiparitahan'ny hoditra voa-nkazo ankehitriny, noso- kirina ny tatatra nandritra izany, na dia nananosarotra aza ny fanatanterahana ny asa. Ny faritra Mahamasina , Befelatanana sy Anosibe no voakasik'izany ary tsy hijanona hatreo akory ny fanadiovana iny faritra iny fa mitohy lalandava. No- ho izany, manentana an-tsika hatrany ny ao anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), hitandro ny fahadiovana, mba hananana tanàna madio ho lavitry ny loto sy ny aretina isika dia ho to ny fanambin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana hoe : « Antananarivo Renivohitra, soa iombonan'ny Malagasy ».

***Aly***



Ny fanadiovana tao amin'ny Boriboritany faha-4.

Vehivavy nalemy telo volana

## Navotan'ny rano manokana

De gaga ialahy hoy ilay mpanao gazety izay fa tsy ron-tsy ventiny dia nalemy tampoka teo ity vehivavy ity nefa dia salama be hatramin'izay. Nikoropaka ny olona nijery ary nitondra azy faingana tany amin'ny dokotera. Tsy fantatra hoe inona nefa no fototr'aretina fa tsy hitako izay mahazo azy hoy ny dokotera fa aleo ianareo mijery mpitsabo hafa. Sendra olona efa notsaboina teny amin'i Jessica mpisabo **03387 395 41** eny Mandrosoa Ivato no naniraka ny vadiny haingana ho eny amin'io mpitsabo io mba hokarakaraina sao mivadika zavatra hafa eo. Vao tonga teny amin'ity mpitsabo ity nefa ilay vehivavy dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy : mosavy io fa tsy aretina hafa hoy izy ka efa nokendreny amin'ny fivorian' olona no namelezany azy ka izao vao tratrany. Tsy hafa fa mpirafy taminy io olona io hoy izy ary efa ela no nasiany fa izao vao netsehiny. Talohan'io nefa hoy ilay mpitsabo dia tafaraka « bus » ianareo teo aloha ary voasafon'io olona io ny rambon'akanjonao ary iny no nitarika ny fahalemena taminao satria fanafody ratsy no namelezany anao tamin'izany. Notrorin'ity mpitsabo ity tamin'ny menaka manokana ilay vehivavy ary nampisotroiny rano manokana ihany koa. Teo noho eo ihany dia niova ny fahasalaman'ilay vehivavy ary afaka niteny soamantsara. Miverena afaka telo andro hoy ilay mpitsabo fa tsy maintsy sitrana ianao. Ny ampitso ihany nefa dia niverina ny vadiny ka nilaza fa efa nahatsangana izy ary tsy misy atahorana intsony. Sitrana tanteraka ilay ramatoa ary niaiky fa mosavy tokoa no nahazo azy fa tsy aretina fotsiny izany ka nisaotra manokana ity mpitsabo moa izy mivady satria raha tsy teny amin'i Jessica dia saiky maty na nalemy tsy nety sitrana tao anatin'ny telo volana.

***Namana***

## SARIITATRA: Zatra manao kopy kole Lava Sanga dia hadino eo





Faritra Boeny

## Tonga any Mahajanga ny Eveka mpisolo toerana Mgr Gustavo Bombin Espino

Taorian'ny nahafatesan'i Mgr Rakotondrajao Roger Victor Solo, Evekan'i Diosezin'i Mahajanga teo aloha, dia notendren'ny Papa Ray Masina François ho Administrateur Apostolique any Mahajanga i Mgr Gustavo Bombin Espino. Mialohan'ny handraisan'ireo mpino katolika azy amin'ny fombam-piangonana ny alahady 16 Desambra 2018, dia nanatanteraka fitsidihana ara-pomba fanajana ireo manampahefana isan'ambaratongany any Mahajanga ny tenany, ka ny marainan'ny talata teo dia ny Lehiben'ny faritra Boeny mivady no nandray azy tao amin'ny Lapan'ny Faritra eny amin'ny Bord de la mer, Mahajanga Be. « Tsy hipetraka maharitra eto Mahajanga ny tenako fa handalo matetika. Nefa kosa vonona ny hanohy ny fiaraha-miasa matotra teo amin'ny Faritra sy ny Fiangonana Katolika eto izay efa nisy hatrizay. Tonga ny tenako hitondra ny fiarahabana sy ny fanajana ho anareo Ray aman-dreny eto amin'ny faritra », hoy i Mgr Gustavo Bombin Espino", raha nitafa tamin'ny Lehiben'ny Faritra mivady. "Henin-kaja, heni-boninahitra izahay. Mitambesatra ny fahalasanan'i Mgr Rakotondrajao Roger Victor Solo, nefa tsy maintsy mitohy ny asa. Ny hirariana araka izany dia ny hitohizan'izay fiaraha-miasa izay, sy ny haha-tsaratsara azy kokoa", hoy kosa ny Lehiben'ny Faritra Boeny, Saïd Ahamad Jaffar raha namaly ny resany. Misokatra araka izany ny vara- varan'ny Faritra Boeny, ka vonona ny handrindra ny fiaraha-monina sy ny fifankatiavana eo anivon'ny faritra hiadidiany ny Lehiben'ny Faritra. Tsy hadinony ny nanome fankaherezana ny Mgr Gustavo Bombin Espino noho ny adidy goavana izay ankinina aminy.



Ny fihaonana teo amin'ny lehiben'ny faritra Boeny sy ny Evekan'i Mahajanga mpisolo toerana.

Marihina, fa i Mgr Gustavo Bombin Espino dia Evekan'i Maintirano am-perinasa no sady Administrateur Apostolique ho an'ny Diosezin'i Mahanjanga eo am-piandrasana ny fanendren'ny Papa Ray Masina izay ho Eveka vaovaon'i Mahajanga. Ankoatra ireo manam-pahefana dia hitsidika ireo fikambanan-drelijiozy lahy sy vavy i Mgr Gustavo Bombin Espino, hitafa ihany koa amin'ireo kristiana ao anatin'ny filan-kevitra pastoralin'ny Diosezin'i Mahajanga.

***Isambilo***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasin`ny mpamaky – ho an`ny gazety valosoa, izao manaraka izao. Tsaroako ny tenin`ny profesora Zafy Albert mikasika an`i Andry Rajoelina tamin`ny taona 2009 manao hoe "on dirait un gamin de 10 ans". Toy ny zaza folo taona ! Lasa izay ny sivy taona . Toy ny olona 19 taona indray izany izy izao raha izay fijery izay no iaingana . Efa manana karapanondro saingy toa tsy misy fiovana ihany ! Ny tenako dia tsy nijery sy tsy nihaino ny resaka an-databatra nataon`ny kandida roa tonta tamin`ny alahady teo . Ny mba reko dia ny fanadihadiana nataon`ny mpanao gazety Fidèle Razarapiera tao amin`ny AZ radio izay azo fehezina toy izao hoe : Andry Rajoelina dia tsy mahalala fomba - tsy mahay manaja ny zoky ka nofy azy izay hiarahaba mialoha na dia zokiny lavitra aza Ravalomanana fa dia io no niarahaba azy - mora tezitra sy misafoaka – manapa-teny mazàna fa tsy manaja ny olona miteny. Tsy haiko na marina izany na tsia fa izay nahita mivantana no afaka hanamarina na handiso izany . Fa ra ha izany no tena marina dia aoka isika hifidy amin`ny alarobia no hisaina sy handanjalanja tsara . Izany ve no mendrika ho filoha ? Voalaza koa fa teny vary amin`anana no betsaka tamin`ny teny nampiasainy . Ny an`ny tena izany , be tsy hay – Ny an`ny hafa koa , be no nanamarika fa be diso . Dia inona ihany izany ? Raha fehezina dia tsy ho tonga "raiamandreny" mihitsy i Andry Rajoelina fa dia hijanona ho zaza mandrakizay koa samia mandinika samia mieritreritra isika mpifidy.

***Rapearce – Ambohimandray***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**08/12/18 hatramin'ny 15/12/18**

- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 849-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Namindra sy nanisaka mpivarotra vonjimaika ho fanaovana ny tetikasa PIAA

Mba hahafahana manatanteraka am-pilaminana ny tetik'asa PIAA (Projet d'Intervention d'Assainissement d'Anatananarivo) dia tonga teny amin' ny Aigle Noir Ambodin' Isotry, Boriboritany voalohany omaly, ireo mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), hanisaka sy hamindra ny toeran'ireo mpivarotra izay manamorona ny toerana. Tsa-ra ny manamarika fa ity tetik'asa ity dia tetik'asa fanadiovana an' Antananarivo mba ho fisorohana ny tondra-drano matetika eny amin'ireo faritra iva, hisy araka iza-ny ny fametrahana fantsona lehibe any ambanin'ny tany, mba hahafahan'ireo rano maloto mivarina any anatin'ireo lakan-drano, ka izay indrindra no tsy maintsy hanisahana sy hamindrana toerana vonjimai-ka ireo mpivarotra ireo. Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny tsena dia nizotra am-pilaminana ny asa fandaminana ireto mpivarotra ireto. Araka izany dia manentana ny mpivarotra ny Kaominina mba hitandro fatratra ny foto- drafitrasa sy ny fahadiovana, mba ho fisorohana ny fiakaran'ny rano amin'izao fotoam-pahavaratra izao.



*Fantsona apetraka eny amin'ny Aigle Noir Ambodin'Isotry, ka tsy maintsy hanisahana ireo mpivarotra.*

***Helisoa***

Boriboritany faha-6 (CUA)

## Zokiolona 200 mahery nahazo vatsy ara-panahy sy ara-nofo

Amin'izao ankatokin'ny fetin'ny noely sy ny faran'ny taona izao, dia tsy nitazampotsiny ireo olona sahirana ny ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra, Ramatoa Lalao RAVALOMANANA, fa nanolotra vatsy ara-panahy sy ara-nofo an'ny olona marefo fa indrindra ireo zokiolona vehivavy, niombom-bavaka ary avy eo nomena vary izy ireo ireo tamin'izany. Izany dia natao omaly, teny amin'ny Espace Nirina, izay ao anatin'ny boriboritany fahaenina Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Olona tena sahirana miisa 200 mahery teo ho eo, teny anivon'ny fokontany no nahazo tombony tamin'izany. Marihina fa ireo olona nahazo fanomezana ireo, dia olona notsongaina avy teny amin'ny fokontany. Ny anton'izao hetsika izao dia mba ho fitsinjovana hatrany ireo madinika, ho fitsinjovana ny mpiara-belona ary ihany koa, ho fanajana ny soatoavina Malagasy hoe: "izay iray vatsy , iray aina". Faly avokoa ny ankamaroan'ireo olona nahazo izany fanomezana izany, ka nisaotra sy nankasitraka ny ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra.

***Aly***

Tranombarotra Baolai

## Maro ireo entana vao tonga amin'izao ankatoky ny fety izao

Ao anatin' ny vaninandro fety tokoa isika izao, ka magazay maro eto amin-tsika no manavao ny to- lotra omeny, isan' izany ny tranombarotra Baolai, izay ahitana zavatra sy entana maro vao tonga toy ny four micro - onde , subwoofer, panneaux solaires, mono sy polychristalline, fer à lisser ( volo), refrigérateur, lecteur divx/dvd, machine à laver, synthétiseur, caméra de surveillance a distance sns… « Ny entana loha- laharana amin ' ny kalitao ato aminay dia mifanaraka tsara amin 'ny filana sy ny fahefamividin'ny tsirairay. Ny toerana ahitana anay dia tsy miova fa ao Bazar Be Toamasina, eo ampitan' ny Epp Analakely, Avenue de l' Indépendance, ary Soarano eo ampi- tan' ny Firaisana Voalohany, ao amin' ny Seg sy eo ampitan' ny Epp. Ho fanomezana fahafampo ny daholobe, dia misy fihenambidy amin' ireo télé Led sasany ato amin' ny Baolai hatramin' ny 31 desambra 2018 ary ho an' ireo te-hanao fanomezana miavaka (cadeaux ), dia ao koa ny Smart Tv sy Télé Led maro misy antoka 1 taona avokoa, hita manomboka ami-n'ny 22 hatramin ' ny 75 pou-ces, » hoy ny tompon' andraikitra. Hiavaka sy ho ma-ro loko tokoa ny fetin'ny Noely sy Réveillon 2018 miaraka amin'ity tranombarotra fanta-daza ity sy ireo entana tsara kalitao hita ao aminy.

***Aly***




*Ireo entana maro samy hafa amin'ny Tranombarotra Baolai.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 263**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0262)

**Mitsivalana**
- Rivotra
- Savony
- Arivo (Miv) – Ia (Miv)
- Râ – Orana
- In – Tar(a)
- Nanahary
- Avy – Ao

**Mitsangana**
- Sorena
- Rava – Av
- Ivy – Iny
- Vorona
- Rano (Miv) – Ha
- Ti – Atao
- Rana (Miv)
- Hiraina (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 263




**Mitsivalana**

1. Manao ahoana **2.** Miantso – Mikoriana ao anaty (Miv) **3.** Niakatra, nandeha ambony **4.** Ohatra **5.** Hamonjy fianarana **6.** Tsofoka – Aia ? **7.** Ilaina – Menaka **8.** Asa amampanao **9.** Toetra ratsy – Marina (Miv) **10.** Olo-malaza fahiny

**Mitsangana**

**A.** Tsy manaiky **B.** Ambany – Hery sy tanjany (Miv) **D.** Sondrotra ambony – Toeram-pambolena (Miv) **E.** Dada – Tsy salama **F.** Leha – Ranom-bava (Miv) **G.** Fototenin'ny fahaizana – Solfa – Vizana **H.** Fanampin'Anarana – Tsirinteny **I.** Banky malaza – Kaontinanta **J.** Eny (Miv) – Ala tapaka – Renirano (BR) **K.** Eo @ vatana – Matoanteny (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0262

**Mitsivalana**

1 Taombaovao **2.** Anio – Iry **3.** Nalaina – Il **4.** To – Amboa **5.** Maimbo **6.** Roa – Taona **7.** Ady – Sigara (Miv) **8.** Namorona **9.** Ants(o) – Ma – Av **10.** Niov(a) – Dia

**Mitsangana**

**A.** Tanteraka **B.** Anao – Do (Miv) – NN **D.** Lio (Miv) – Mainty **E.** Moana – Osa (Miv) **F.** Maty (Miv) **G.** Moramanga (Miv) **H.** Amboara **I.** Vy – Bango **J.** Ario – Ainay **K.** Valio (Miv) – Sava


FARADOBOKA
" MPANANGANA
FA TSY MPANDRAVA
ISIKA "
25
TIM
Marc RAVALOMANANA
X
I ♥ YOU
Marc RAVALOMANANA
sabotsy 15 desambra 2018
manomboka amin'ny 1 ora tolakandro
Kianjabe Mahamasina
Bodo . Tence Mena . Black Nadia . Ambondrona . Shyn . Zay . Stephanie . Samoela . Eric Tselatra . Mario . Ninie Donia . Mijah . Rah Ckiki . Green . Tempo Gaigy . Big Jim Dah . Chantal . Koike . Hery Puissance . Marion . Alson . Gothlieb . Rajao . Oblack . Ariane . Shayron . Dj Natal sy artista marobe hafa.